


# ALAHADY PAKA VII - TAONA D2019



« Mba ho iray izy rehetra, tahaka Anao, Ray ato amiko, ary Izaho ao aminao »

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alakamisy lasa teo isika no nankalaza manetriketrika an'i Kristy niakatra any an-danitra manambara tanteraka fa nandresy tokoa izy ary an-danitra koa no tanjona ho antsika. Voalazan'i Md Paoly amintsika fa izay misy an'i Kristy no katsaho ary ny misy an'i Kristy dia any an-danitra toerana hasambarana ka izany ny mahatonga antsika milaza sy mino fa any ambony izy any no misy ny fahasambarana. Ny lanitra dia ny fiombonana amin'Andriamanitra. Masina izay miombona amin'Andriamanitra.

Vakiteny I : Asa 7, 55-60  
Tononkira : Salamo 96  
Vakiteny II : Apôk. 22, 12-14. 16-17. 20  
Evanjely : Jo. 17, 20-26

Miombona tanteraka ao amin'ny Trinité masina i Jesoa, tsy nisaraka amin'ny Trinité masina izy fa nirahin'ny Ray ho eto amintsika hanambara indrindra ny fiombonana amin'ny Trinité masina. Izany ny vocation ntsika dia ny hiombona amin'ny Trinité masina ka i Jesoa efa nialoha lâlana antsika izay nankalazantsika tamin'ny Alakamisy teo ny fiakarana any an-danitra ka amin'izao Alahady faha-7 fankalazana ny Paka izay mialoha ny pentekôty, tsy mahagaga raha mbola manohy ny fandalinana ny fiainana izay hanantena antsika amin'ny alalan'ireo vakiteny, hanampy antsika handalina bebe kokoa ny finoantsika ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Katolika aho ka manompo ireo mpiara-belona amiko, Katolika aho ka mandray an-tànana ny finoako izay hanehoantsika fa i Kristy eo anivon'ny fiainantsika, nandresy ny ratsy izy, niakatra any an-

danitra ka isika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona, isika no Eglizy Olona Velona (EOV) manorina ny Eglizy Tranon'Andriamanitra (ETA) ka hahakolokolo ny tontolo iainantsika hanatsara ny zava-boahary, satria tsy fahavalontsika ny zava-boahary fa manandanja eo amin'ny fiainantsika ka aza potehina satria lasa mandroa mitsilany isika raha manapotika azy.

Hanatsara ny tontolom-piainantsika koa isika izany dia miainga amin'ny fianakaviana Eglizy kely ka tonga amin'ny toeram-piasantsika anjakan'ny rariny sy ny hitsiny, anjakan'ny fifankatiavana, anjakan'ny fihavanana ka hahatonga antsika koa ho mpanorina tontolom-pinoana izay hifandraisantsika amin'Andriamanitra hahatonga Andriamanitra ho eo anivon'ny fiainantsika.

Hiezaka isika hanatsara ny fiainantsika, eo koa ny fiomanantsika handraisantsika ny Papa Ray masina mba hahatonga antsika miaraka aminy ho mpamafy fanantenana amin'ny tontolo iainantsika satria maro ny fahasarinana sy fahakiviana ka ilay finoantsika an'i Jesoa nitsangan-ko velona sy niakatra any an-danitra no fanantenana ho antsika.

Tsy hoe manonofy isika sanatria fa araka ny voalaza ao amin'ny boky mitantara ny asan'ny Apôstoly, I Md Etienne martyri sahy nanambara an'ireo hamono azy : “*Indro hitako ny lanitra misokatra, mbamin'ny Zanak'olona mitsangana eo ankavanana'ndriamanitra*”. Feno fanantenana izy na dia ho vonoina aza. Izany koa no nanentana an'i Lucien Botovasoa olontsambatra sy nananan'ireo olomasina izay ataontsika ho modely. Izany no mahatonga antsika ho mpamafy fiadanana na dia maro aza ny zavatra mety mikorontana etsy sy eroa, na dia eo aza ny hetraketrak'izao tontolo izao, hetraketraky ny lainga sy ny fitapitaka isankarazany dia manjaka i Kristy nandresy ny ratsy ary amin'ny alalan'ny soa no ho entintsika mampanjaka azy ka mitondra antsika amin'ny tena fiadanana marina.

Amin'izao alahady faha-7 ny Paka izao, henontsika tamin'ny vakiteny voalohany i Md Etienne mivavaka tokoa ho an'ireo izay hamono azy : “*Tompo ô, aza tanana izao hadisoany izao*”. Nony nilaza izany izy, dia nody mandry teo amin'ny Tompo. Tahaka ny nataon'i Lucien Botovasoa tamin'ireo namono azy. Milaza amintsika ny Papa Ray masina fa raha mampanjaka ny famindram-po sy ny famelan-keloka isika dia hanjaka tokoa ny fiadanana. Vokatry ny Paka eo amintsika izany satria i Kristy no loharano sy fototry ny fihavanana izay famindram-po sy fifamelan-keloka ao anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny. Mampianatra antsika an'izany ny vakiteny androany.

Raha mikatsaka izay misy an'i Jesoa any an-danitra isika dia aoka hangetaheta ny famindram-po, ny fifamelan-keloka ka hahita an'Andriamanitra. Mivavaka ho antsika i Jesoa amin'ny evanjely androany, azo lazaina hoe testamenta, teny farany nampitain'i Jesoa tamin'ny mpianatra. Nivavaka manokana ny fiombonana sy ny firaisan'izy ireo satria fantatr'i Jesoa fa na mbola teo izy dia efa misy ny tsy mampifanaraka ny mpianatra satria ao anatintsika ny fahotana tamin'ny fototra izay loharanon'ny fialonana sy ny fiavonavonana izay mahatonga ny tsy fahamarinana, ny lainga, ny fitiavan-tena, ny korontana eo amintsika ka mainka ve fa rehefa hiala amin'izao tontolo izao izy ? Fantatr'i Jesoa izany, na dia eo aza ny ezaka antaontsika tsy ampy fa mila ny fivavahana.

Mampirisika antsika mba hivavaka, izany no mahatonga antsika raha nihaona tamin'ny tanora tany Joffre Ville nilaza fa aoka samy hanana “chapelle portable” isika, izany hoe toerana hivavahana no atao hoe “chapelle”, ka ny sapile no hiarahantsika mivavaka amin'i Masina Maria handresentsika ny ratsy izay manapotika ny fiainantsika : ny lainga, ny fitiavan-tena mahatonga antsika hiebohebo sy hanilikilika ny hafa. Raha miaraka mandrakariva amintsika ny “chapelle portable” tsy ho haingompaosy fa ho entintsika mivavaka dia hanampy antsika handresy ny ratsy izany.

Ny ezaka ataontsika dia hahatonga antsika ho mpamafy ny fiadanana sy ny fanantenana.

Mivavaka ho antsika i Jesoa raha nivavaka ho an'ny mpianatra “*Ray masina ô, tsy ho azy ireto ihany no angatahako, fa ho an'izay hino Ahy noho ny teniny koa: mba ho iray izy rehetra, tahaka Anao, Ray ato amiko, ary Izaho ao aminao, ary mba ho iray ao amintsika koa izy, ka hinoan'ny olona fa Ianao no naniraka Ahy, Efa nomeko azy ny voninahitra nomenao Ahy, mba ho iray izy, tahaka ny*

*maha-iray Antsika: Izaho moa ao aminy, Ianao kosa ato amiko, mba ho tena iray tokoa izy ireo, ka ho fantatr'izao tontolo izao fa Ianao no naniraka Ahy, ary Ianao tia azy ireo tahaka ny nitiavanoa Ahy.*

Ny mahalala an'i Jesoa araka ny averimberin'ny Evanjely androany no hanana ny fainana, mahalala an'i Jesoa isika raha miombona aminy tanteraka ary i Masina Maria hanampy antsika sy ireo olona masina nanana ny traikefa koa tahaka an'i Md Piera, i Md Joany, i Md Etienne sns... sy ireo olontsambatra eto amin'ny nosintsika Madagasikara i Victoire Rasoamanarivo, i Lucien Botovasoa dia nandray an'i Masina Maria tahaka ny hafatra nataon'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana tamin'ilay mpianatra malala "*Indro ny reninao*", tahaka nataon'i Joany nandray azy koa isika ry kristianina havana, aoka isika hahay hampanjaka an'i Jesoa eo amin'ny fainantsika miaraka amin'I Masina Maria. Manamafy izany ny hafatr'i Md Joany apôstôly ka na hanao akory dia hiombona amin'i Jesoa "*Avia ry Jesoa*", *Izaho, Joany, dia nandre feo nilaza tamiko hoe: "Indro, avy faingana Aho; efa eo am-pelatanako ny valy hamaliako ny olona rehetra araka ny asany avy. Izaho no Alfà sy Omegà, ny voalohany sy ny farany, ary ny fiandohana sy ny fiafarana. Sambatra izay manasa ny akanjony amin'ny Ran'ny Zanak'ondry, mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina, sy hidirany amin'ny vavahady ao an-tanàna*

Ho an'izay miombona tanteraka amin'i Jesoa dia ho toy izany, manasa ny lamba izany hoe diovin'i Jesoa isika tahaka ny fanoharana ny fotoboaloboka, diovina ny rantsana mba hamokatra bebe kokoa. Vokatry ny Paka eo amintsika dia mba hamokatra ny fainantsika ka ho EOV Eglizy Olona Velona manorina ETA Eglizy Tranon'Andriamanitra isika dia ilay tranobe iombonana ka tena ho taranaka mpanorina sy mpamafy fanantenana sy fiadanana. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson